# Ilay Voa Tsara Nafafy 24 Aogositra 2018

# 24 Zoma aogositra

**Miareta amin'ny fahoriana ; mahareta amin'ny fivavahana.** Romana 12. 12

**Niandry dia niandry an'i Jehovah aho ; ary nitodika nitsinjo ahy Izy ka nandre ny fitarainako.**
Salamo 40. 1

## Ny fanginan'ny tendrombohitra Sinay

Tena tsy manam-pharoa ity tantaran'ny tendrombohitra Sinay ity (Eksodosy 32) ! Niakatra tany i Mosesy, mba handray ny tenin'Andriamanitra. I Arona rahalahiny dia teo amin'ny vahoaka teny an-dohasaha, niandry ny fiverenany. Efapolo andro no niandrasana, efapolo andro nangina. Lava loatra izany, ho azy ireo. Izany no nahatonga an'i Arona nanamboatra ombilahikely volamena, toy ireo andriamanitry ny Egyptiana. Ary nambarany fa io ombilahikely volamena io no andriamanitry ny vahoaka Israely. Andao hikorana ! hoy i Arona. Dia nilalao izy rehetra... Tamin'io fotoana io i Mosesy no nidina, nitondra ny takelaka misy ny Lalàna, ka nisaritaka ireto vahoaka tsy nahandry ny fiverenany.

Inona no lesona azontsika tsoahina amin'izany, ry kristiana namana ? Raha toa aho mandalo fotoana fizahan-toetra tsy itenenan'Andriamanitra amiko, ka mitady fanafahana araka ny eritreritro, fa tsy miandry ny fanampian'Andriamanitra, dia tsy hahafantatra izay havaliny. Ny famakiana ampaharetana ny Teniny, mantsy, ary ny vavaka ihany koa, ireo no hany hahitako izany. Koa halaim-panahy aho hamboatra valiny avy amiko manokana, mba hamenoako ny fanginana mampitebiteby ahy. Nefa ny famenoana izany fanginana izany amina teny tsy avy amin'Andriamanitra dia tsy mamaha olana mihitsy, fa vao mainka aza manamaizina ny lalako.

Dia toy izany koa, zava-doza ny finiavana hitondra valinteny tsy avy amin'Andriamanitra, ho an'ny hafa. Matetika isika dia tokony mba hiteny am-panetrentena hoe : „Tsy fantatro". Tsy fantatro ny antony andalovanao izao fitsapana izao, izao tany efitra izao. Afaka mampahery anao angamba aho, afaka miara-mandroso aminao, afaka miara-mivavaka aminao. Maro ny zavatra tsy takatro, kanefa te hiaraka aminao aho, hiandry ny valiny avy amin'Andriamanitra.